Misy raha tsy milamina 3
**Toa nametra-pialana ny governoran'ny Banky Foibe**

Fitondrana Rajoelina 2
**Tsy manana politika amin'ny fitantanana mponina mihitsy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 17 desambra 2022 Laharana 1380 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Governora faritra Atsinanana 3
**Nilaozan'ny toetr'andro ny fanomezana "machine à ecrire"**

Filoha Ravalomanana tany Tsi/didy 2

# Tsy misy fifanarahana ambadika aminay sy ny filoha Hery




Fahasalamana 6

# Rà tokony homena maimaimpoana varotana Hopitaly



Mondial 2022 any Qatar 6

# Famaranana lehibe eo amin'i Argentine sy Frantsa





Ambohitrolomahitsy 2

# Tontosa soa aman-tsara ny Tournoi Kitra Coupe omby sy ondry



Antananarivo sy ny manodidina 7
**Tandindonin-doza ny famatsiana rano sy rianaratra avy any Tsiazompaniry**

Antsirabe 6
**Potika ka mila vonjy ny orinasa Fifamanor**

**Daka kely**

Mitoraka bilao ihany nareo ry Boaikely na efa any andafy aza a !

FILOHA RAVALOMANANA TANY TSI/DIDY

# Tsy misy fifanarahana ambadika izany aminay sy ny filoha Hery

Tao aorian'ny tany Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony, ny tany amin'ny faritra Bongolava indray omaly, no nanamarika ny faha- 20 taonan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tamin'izany ihany koa no nanatanterahana tao Bel'Air Mangarivotra Tsiroanomandidy, ny kongresim-paritry ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity. Nahitsy ny tenin'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM nandritra izany, momba ny resaka mandeha amin'ny tambazotran-tserasera, mahakasika ny fifidianana ho avy. Tsy misy fifanarahana ambadika izany eo aminy sy ny filoha Hery Rajaonarimampianina, hifaninana amin'ny fitondrana misy amin'izao fotoana. Nambarany fa:" Tsy misy fifanarahana any ambadika izany, fa tsy misy hafeniko aminareo izany. Tsiroanomandidy, Faritra Bongovola : faly tena faly aho afaka nihaona nivantana taminareo tonga maro be androany! Efa natomboka ny fanisana ny mpifidy ary hikatona tsy ho ela amin'ity faran'ny taona ity izany. Zavatra roa maika no tsy maintsy atao:

- Manentana ireo mpikambana sy ireo olona rehetra tonga taona mba hanoratra ny anarany.
- mila MAILO isika, ka hanara-maso ny fanavaozana ny lisi-pifidianana, satria mety hisy ny hosoka sy fampidirana olona tsy ao amin'ny fokontany na ankizy tsy ampy taona.

Ilaina ny FAHASAHIANA sy ny fandraisana andraikitra.



*Ny filoha Marc Ravalomanana tany Tsiroanomandidy faritra Bongolava.*

Homba antsika mandrakariva Andriamanitra," hoy ny fanambarana anisan'ny nataony tamin'izany. Nandritra izany ihany koa no nanambaran'i Dada, fa omena sehatra manokana ny vehivavy sy ny tanora ao anivon'ny antoko. Hita sy tsapa tany an-toerana fa sahy, mino, ary mijoro i Bongolava, hipoka tanteraka ny toerana nomanin'ny tany an-toerana.

***Isambilo***

Dis-TIM Antalaha

# Biraon'ny COMTIM amin'ny kaominina miisa 2 indray no tafajoro

Manohy ny fanetsehana ny any ifotony ihany koa amin'izao fotoana ny biraon'ny DISTIM any amin'ny distrikan'Antalaha faritra Sava, tarihan'Andriamatoa Joël sy ireo mpiara-dia aminy. Araka ny nambaran'izy ireo: "miroso tsikelikely amin'ny fananganana Comtim ato anatin'ny Distrikan'Antalaha ny Distim sy ny ekipa, ka tamin'ity herinandro ity dia COMTIM roa no voatsangana dia ny tany Ambalabe Sahantaha, sy tany Ampahana." Manentana ny rehetra feno taona ihany koa ny Distim Antalaha mandritra izany, ny hidiran'izy ireo ao anatin'ny lisitry ny mpifidy ary mila arahi-maso fatratra izany, mba tsy hisian'ny hosoka sy ny doublons intsony indray.




*Ny fametrahana COMTIM, tamina kaominina any amin'ny distrikan'Antalaha.*

***Isambilo***

Ambohitrolomahitsy

# Tontosa soa aman-tsara ny Tournoi Kitra Coupe omby sy ondry

Tontosa soa aman-tsara ny faran'ny herinandro lasa teo, ny lalao famaranana Coupe omby sy ondry lehilahy eo amin'ny baolina kitra, izay natao tao amin'ny kianjan'ny fokontany Analamanjaka kaominina Ambohitrolomahitsy distrikan'i Manjakandriana faritra Analamanga. Nikarakara izao hetsika izao ny filohan'ny Tanora TIM any an-toerana, sady mpandraharaha ara-toekarena, Randriamparany Jean Bosco. Teo amin'ny lalao famaranana nihaona tamin'izany ny Aigle Noire Maroary sy ny Fc Sabotsy Ambohitrolomahitsy, ka ny ekipan'ny Fc Sabotsy Ambohitrolomahitsy, no nivoaka ho mpandresy tamin'ny isa 1-0. Lasan'ny Fc Sabotsy Ambohitrolomahitsy ny omby ary lasan'ny aigle noir Maroary kosa ny ondry sy maillot ary baolina. Nahafinaritra tokoa ny lalao nandritra izany ary ny fangatahan'ny maro dia mba hiparitaka manerana ny kaominina Ambohitrolomahitsy ny fanatanjahantena . Nanambara ny filohan'ny mpikarakara Randriamparany Jean Bosco fa : " misaotra betsaka anareo vahoaka tonga maro, efa mandeha koa ny Tournoi vaovao eny amin'ny fokontany Ankatso sy fokontany Ampahitrizina, izay hiadiana Coupe ondry. Mbola ho avy koa ny fanampiana ireo tanora amin'ny lafiny maro, satria ny fampandrosoana ny tanindrazana no tanjona. Tiako Ambohitrolomahitsy, Tiako ny Tanindrazako," hoy izy.



*Ny ekipa laharana faharoa, nahazo ny amboara ondry.*

***Isambilo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fitondrana Rajoelina

# Tsy manana politika mahomby amin'ny fitantanana mponina mihitsy

Anisan'ny tsy hain'izao fitondrana Rajoelina izao mihitsy ny politika momba ny mponina. Izany hoe zara miasa fe miasa ny ao amin'ny minisitera misahana ny mponina sy ny fitondrana. Tsy voafehy ny tontolo momba ny mponina toy ny fitomboany, ny fiahiana sy ny fitsinjovana azy, ny fiaimpiainany amin'izay hahasoa sy hahatsara azy, indrindra eo amin'ny tany onenany eo, sns... Hatreto, tsy hita izay politika mazava na fepetra noraisin'ny fitondrana Rajoelina momba ireo mponina iharan'ny herisetra sy antsojay ataon'ny jiolahy sy dahalo, hany hery miafina any anaty ala na voatery mihitsy mifindra monina. Mazava loatra, manampy trotraka ny fahavoazan'izy ireo ny vokatry ny fiovaovan'ny toetrandro. Kanefa tsy tokony ity farany no hialan'izao fitondrana izao bala amin'ny tsy fahaizana mitondra firenena, satria azo nosorohina izany raha nanana politika hentitra sy mazava hatrany am-piandohana nitondra firenena.

Raha nahay nitondra firenena izao fitondrana Rajoelina izao, tsy nisy mponina niàla amin'ny tany onenany izany eto. Natao an-tsirambina ny fitantanana azy ireny, toy ny tsy fijerena ny tany famboleny, ohatra. Misy izao re, fa tsy nanana olana ny mponina tao amin'ilay faritra taona maro tany aloha, fa ankehitriny , nihena be ny tany azony hambolena noho ny fihenan'ny sori-drano manondraka ny tany famboleny. Ny fitondrana no tomponandraikitra amin'izany ary mariky ny tsy fahombiazany amin'ny fitantanam-pirenena sy ny fitsinjovana ireo tantsaha mpamboly izany, no fanaovana ambanin-javatra ny fambolem-bary eto amin'ny firenena. Izao, tsy fantatra marina ny velaran-tany ho foana amin'ity fanaovana lalambe migodana miantsinanana ity, fa ny naderadera haingana be dia ny amin'ny fanonerana ireo voa amin'izany. Misy mihitsy aza ny manahy mafy ny amin'izany, sao hitovy amin'ny manjo ny mponina any Arivonimamo amin'ny taniny hanorenana ity lazaina ho tanàna vaovao. Ny tany fambolena eto amin'ny firenena hita miharihary fa mihena, saingy ny ezaka famoronana tany fambolena vaovao tsy hita soritra mazava. Mazava loatra, fa misy fiantraikany eo amin'ny fiainan'ny mponina na ny vahoaka Malagasy izany. Ny isan'ny mponina mihazakazaka mitombo, ary tsy voafehin'ny fitondrana noho ny tsy fananany politika mazava, ny famokarana na ny voka-bary anefa mihena. Fidedahana tsotra izao, fa tsy misy fandinihana lalina ny fihetsiky ny fitondrana hanafatra hatrany vary avy any ivelany. Endrika iray lehibe maneho mazava ny tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoelina amin'ny politika fitantanana ny mponina izany. Tsy atao hahagaga araka izany raha faraidiny indrindra raha samy vahoaka maneran-tany ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao. Tsy mampaninona izao fitondrana izao anefa izany matoa izy sahy midehaka, ho tompon-daka maneran-tany amin'ny fanjariantsakafo sy mandray izany amboara izany. Toa fanesoana ataon'ny olona ihany anefa izany maha-tompon-daka azy izany, satria vao mainka miha-mitombo ny kere, sy tratry ny tsy fanjarian-tsakafo eto amintsika, noho ny mponina miha-mahantra, mahantra hatrany.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Rindra A.**

Ny Valosoa sy hadihady

## Fanapotehana ny manam-pahaizana
# Mila fehezina ny fomba ratsin'ny fitondrana Rajoelina

Hatrany amin'ny olom-pirenena avara-pianarana sy noheverina ho ataon'ny mpiray tanindrazana môdely, no ahiana ho manana toe-tsaina mamohehitra amin'izao fotoana izao. Raha izany tokoa dia potika tanteraka ny maha izy azy izao firenena izao ary efa any amin'ny farany fikorosoana fahana tanteraka ny malagasy. Anisan'ny nanaitra mafy ny sain'ny mpanara-baovao sy mpamakafaka, ny nandre andro vitsy lasa izay tamin'ny fotoana nisian'ny hetsika fitokonana nataon'ireo mpianatra ho mpampianatra vita fianarana eny amin'ny ENS Ampefiloha. Ankoatra ny zava-nitranga teny an-toerana tamin'ny hetsika nataon'izy ireo, dia nisy ny feo nandeha nivoaka avy eny amin'ny tomponandraikitry ny Oniversiten'Antananarivo, nilaza fa ny amin'ny hakàna ny anaran'ireo mpitarika ny hetsika. Vao re izany teny izany, ny nandehan'ny sain'ny maro dia ratsy avy hatrany. Tsy maintsy hiafara amin'ny famaizana sy famotehana ireo mpitarika izany hevitra izany, hoy ny mpahalala satria efa mpitranga tato anatin'izao fitondrana Rajoelina izao izany fomba ratsy izany. Izay mpitarika ny hetsika rehetra tamin'ny sehatra samihafa dia nitadiavana fomba ratsy hamotehana azy ireo. Nahoana no olona heverina ho mpanabe, malala-tsaina sy manana fijery ambony no miray petsapetsa ratsy miara-mirefarefa toe-tsaina amin'ny mpanao politika maloto ankehitriny eto amin'ity firenena ity, raha tena izany tokoa no fikendrena ao anatin'izany? Dia tsy hihevitra na kely akory aza ve ireo olona ireo fa hisy fiantraikany ratsy amin'ny fomba fijerin'ny olom-pirenena, na ny fiaraha-monina mihitsy izany, ka hametraka toerana ratsy amin'ny Oniversite, izay mba hany sekoly ambony tsy andoavam-bola azon'ny zanaky ny sarambabem-bahoaka malagasy idirana?

Fomba ratsy fahita tato anatin'izao fitondrana izao tato anatin'ny efa-taona ny famoretana sy ramatahora ary miafara hatramin'ny fanapotehana mihitsy aza, toy ny fampidirana am-ponja izay olom-pirenena mitarika amin'ny hetsika amin'ny sehatra samihafa. Hita niharihary izany ny tany amin'ny orinasa kaompaniam-pitaterana an'habakabaka Air Madagascar, na tany amin'ny sehatry ny fitsaboana na tamin'ny sehatra politika, sns... N'inona n'inona fanazavana, tsy misy adihevitra fa tsy hampandroso ny firenena velively izany na hihodin-kavia, ho any amin'ny tatsinanana, na hihodin-kavanana handohalika amin'ny tandrefana aza ny fitondrana. Ary ny fanapotehana ny tanora malagasy avara-pianarana tokony hampianatra sy hanabe dia vao mainka loza mitatao ho an'ny firenena. Raha mbola ny resaka sy kajikajy politika no an-dohan'ny mpitondra ankehitriny isak'izay zava-mitranga toy ireny, dia sasara-ko hariva ny andro, fa tsy hisy zava-banona eto. Tsy tokony handrasana anefa izay fotoana higadonan'izay hahapotika tanteraka ny firenena izay, izao ary efa manahirana ny saina ny zava-mitranga, mba tsy hotsarain'ny taranaka any aoriana sy ataony anaty kitapo iray, fa mila mandray fanapahan-kevitra hentitra ny olom-pirenena saro-piaro amin'ity firenena ity.

**Sôh'son**

MISY RAHA TSY MILAMINA

# Toa nametra-pialana ny governoran'ny Banky Foibe

Misy raha tsy milamina eo amin'ny sehatry ny vola eto amintsika, araka ny vaovao voaray toa nametra-pialana noho izany ny governoran'ny Banky Foiben'i Madagasikara, Henri Rabarijohn. Araka ny loharanom-baovao eo amin'ny sehatry ny toekarena sy ny vola eto amintsika, fantatra fa nametra-pialana tsy ho governoran'ny Banky Foibe intsony izy, izay efa nitana izany andraikitra izany nanomboka ny volana novambra 2019. Na izany aza, tsy misy hatreto ny fanambarana ofisialy. Andrasana ihany koa ny mety ho fanendrena ny ho solony amin'ny filankevitry ny minisitra manaraka. Ny zavatra misy eo amin'ny sehatry ny vola, sy ny vola vahiny eto amintsika, nitontongana be izay tsy izy ny vola Malagasy amin'izao fotoana, oharina amin'ny vola vahiny, raha oharina amin'ny euro iray ny Ariary, efa mananika ny 4600 Ar ny 1 euro. Ankoatra izany, iaraha-mahalala koa ny kolikoly sy ny trafika isankarazany misy amin'izao fitondrana izao, mety mifandray amin'izao frametraham-pialana izao koa izany.




*Ny governoran'ny Banky Foibe, Henri Rabarijohn.*

**Ny Valosoa**

INPF Ivato

# Namoaka mpianatra 152 nahavita fiofanana arak'asa

Namoaka mpianatra miisa 152 nahavita fiofanana arak'asa ny INPF Ivato (Institut National de Promotion Formation). Nanotrona izany famoahana mpianatra andiany faha-19, nisalotra ny anarana AVO, nivoaka tao amin'ny INPF Ivato iany, omaly, ny Ben'ny tanàna, Penjy Randrianarisoa sy ny Ministry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, Vavitsara Gabriella. "Zava-dehibe ny fiofanana avo lenta toy izao, satria mampivoatra ny fiharianа ary mampandroso ny firenena amin'ny alalan'ny famoronan'asa. Vonona ny hanamora ny antontan-taratasy ny amin'izany ny kaominina Ivato, ho an'ireo mpiofana sy ireo rehetra manangana orinasa madinika sy salantsalany eto. Rehareh̀an' Ivato ary manakoako manerana ny Nosy sy maneran-tany ny lazan'ny fampianarana sy ny fampiofanana ao amin'ny INPF ka tazonintsika izany", hoy ny ben'ny tanàna. Afaka misehatra amin'ny sehatry ny asa avy hatrany ireto mpianatra nahavita fiofanana ireto.



*Ny sasany amin'ireo mpianatra nahavita fiofanana tao amin'ny INPF Ivato.*

**Aly**

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Governora faritra Atsinanana
## Nilaozan'ny toetr'andro ny fanomezana "machine à ecrire"



**Zamany François:** ny Commune urbaine de Toamasina indray no nisitrika ny "Machine à écrire" roa (02) fanomezana avy amin'ny Governoran'ny Faritra Atsinanana hoentina manatanteraka ny ezaka fanomezana Kopia sy Karapanondrom-pirenena faobe izay ataon'ny Fitondram-panjakana.

**Hasina Raharisoa:** efa tena nilaozan'ny toetr'andro izany fanomezana nomen-dRagôva izany a! ordinatera izao no tokony efa hanaovana kopia izany, indrindra Toamasina tanàn-dehibe misy courant electrique na rianaratra.

**Rabetsarona Rariny Nantenaina :** misy mitsimpona akotry amin' ity ndray ao zao. Sao dia omena comune any ambanivohitra be any ny fanomezana toy izao.

**Narindra Fan'eva Rabenisy :** Kkkkkll, tena n'importe quoi!

**Ethél Twïggy :** efa ho 2023 kosa ve dia mbola machine à ecrire ihany.

**Andrianarisoa Élisabeth Veronirina Voahirana :** andrekaky o!

**Antoine Fisy Alphonse :** TA HIMÉ AHO... TSY TA HIMÉ...

**Rkt Lalaina :** tena mampalahelo ahy enao ry Nosiko. Fohy fisainana mihitsy ilay mpitondra, fohy fisainana toy ny any ambony, toy ny Filoha ihany ny Governora!

**Mangaharilala Ratsimandresy :** efa andron'ny imprimantes sy écrans plats zao, mbola misy an tony raha archaïque be itony foana ve sa matahotra ny courant Jirama nareo efa 2022 anie zao e!

**Voahangy Andriamananjara :** tsy efa lany daty ve ireny machine à ecrire ireny e?

**Claudye Soary Rama :** tsy mba hoe ordi+ imprimente.

**Aryl Nonau Razanakolona :** ordi mba atao e, dia hatao en réseau.

**Rado Mampionona :** ianareo koa dia misahirana hoe Ordinateur, technologie, DÉLESTAGE LAVA AMINTSIKA TY !

**Rhasa Dianne :** machine lany daty tony ve mba zarainareo. Njemanitsô. Lay Gouverneur koa no tena efa lany daty koa!

**Aro Fandresena :** 2022, mbola itony milina fanoratana lany daty itony ihany ve no ampiasaina?

**Andrianantenaina Herman :** mi-tourne tokoa ry zalahy ireto. Marina mafy e !

**Nirina Lalao Claude :** ity ve no hanaovana kopia faobe?... mampatahotra marina e!

TONONKALO

## Tompondakan`ny fanjarian-tsakafo hoe ?

Io izany ilay lazaina hoe "amboaram-panesoana"
Ho an`ny olona mpandainga sady tia mampanantena!
Hita taratra mihitsy fa dia hoe nomemem-poana,
Raha toa jerena akaiky ny manjo ny firenena !

Maro no efa ianjadian`ny tsy anjarian-tsakafo:
Tsy mahita hovolena , tsy mahita izay harapaka.
Saingy any misy iray izay manam-be mitafotafo,
Tsy mba manana ahiana fa mihinana tsy tapaka !

Eny mandry ve ny sainy fa voarombany ny amboara,
Dia ny amboara mifanohitra amin`ny zava-misy iainana?
Taona vitsy nitondrany, potika `lay Gasikara.
Heno etsy sy eroa ireo tolokom-pitarainana !

Etsy misy gasy maty, etsy misy gasy noana,
Fa tsy manana sakafo nefa tsisy mba mitsetra.
Etsy kosa misy iray mibata amboaram-panesoana,
Sady miramirana endrika no vao mainka koa miletra !

...Io izany ilay lazaina hoe "amboaram-panesoana".
Tsy maninona , asehoy , aleo hahita ny mpitazana.
Fa ho anay izay "gasy leo" dia io no mari-panehoana
Hoe ianao dia tompondakan`ilay hoe tsy fahombiazana !

**IRINA HO TAFITA (16-12-22)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Navalona, Helisoa

**Ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-3 eto Antananarivo, natao tao amin'ny CEMES Betongolo ny sabotsy lasa teo. Anisan'ny nitarika ny fotoana ny depiote Feno Ralambomanana.**










**Ny fahatongavan'ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, tany Tsiroanomandidy omaly, nanatrika ny faha-20 taonan'ny antoko TIM tany amin'ny faritra Bongolava.**









## NY TENY FIAINANA

*Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy.*

***Efesiana 2:10***

### Barea Chan sy La Réunion anio

# Naroso amin'ny 3 ora tolakandro ny lalao

Mba hahafahan'ny mpitia baolina kitra Malagasy manaraka am-pitoniana ny lalao fiadian-toerana faha-3, hifanandrinan'i Maroc sy Croatie amin'ny "FIFA World Cup" izay ho tontosaina any Qatar anio sabotsy 17 desambra hanomboka amin'ny 6 ora hariva dia naroson'ny FMF amin'ny 3 ora tolakandro ny lalao ara-pirahalahiana hifanandrinan' ny Barea Chan 2022, sy ny ekipa voafantin'i La



*Barea Chan 2022 teny amin'ny kianjan'Alarobia.*

Réunion, ahitana an'ireo teratany Malagasy maro, izay ho tanterahina etsy amin'ny Kianjan'i Mahamasina. Izany lalaom-piralahiana izany dia tsiahivina, fa hoentin'ity Barea Chan ity manomana ny hiatrehany ny dingana famaranana ny Chan Algérie 2022. Anio sabotsy mihitsy vao hisy ny famarotana tapakila fidirana, ka ho 5000 Ar ny sandan'ny fidirana eny amin'ny "Gradins".

**Rainilita**

### Lalaon'ny Nosy 2023

# Nifarana omaly ny fivorian'ny CIJ

Nifarana omaly ny fivorian'ny CIJ: "Filankevitra iraisam-pirenena momban'ny lalaon'ny Nosy eto amin'ny ranomasimbe Indianina", fanomamana ny Lalaon'ny Nosy 2023, izay notanterahina teny amin'ny Novotel teny Alarobia Antananarivo, nanomboka tamin'ny alarobia 14 desambra 2022 lasa teo, ka nankatoavana fa ho tanterahina eto Madagasikara hanomboka amin'ny 23 aogositra ka hatramin'ny 3 septambra 2023 izany hetsika izany. Firenena 7 mandrafitra ny CIJ no nandray anjara tamin' izany fivoriana izany dia i Maurice, Maldives, Mayotte, Comores, La Réunion, Seychelles ary i Madagasikara mpampiantrano. Nanatrika an' izany ihany koa ny ORAD Océan Indien. Fantatra tamin'izany ihany koa fa



*Ny CIJ nitsidika ny fanamboarana ny dobo filomanosana tany Mahajanga.*

tanàna miisa 5 eto Madagasikara no handray ny fifaninanana rehetra miisa 23 dia Mahajanga, Toamasina, Sainte-Marie, Taolagnaro ary Antananarivo. Antananarivo no handray ny « athlétisme », « basket », « judo », «haltérophilie », « football », « handball », « boxe », « kickboxing », «badminton », « lutte », « tir à l'arc », « pétanque », « tennis », «cyclisme » ary « rugby ». I Mahajanga no handray ny « beach volley», « beach soccer », « natation », « volley ball », « taekwondo » ary " karaté". I Toamasina no handray ny fifaninanana baolina kitra. Sainte-Marie no handray ny fifaninanana « voile » ary Taolagnaro no handray ny fifaninanana « surf ». Tamin'ny alakamisy 15 desambra 2022 lasa teo dia nanatanteraka fitsidihana an'ireo fotodrafitrasa ara-panatanjahantena eo an-dalampamitana azy toy ny dobo filomanosana olympika sy ny kianja mitafo mahazaka mpijery 4.000, ao an-drenivohitry ny Faritr'i Boeny, iray amin'ireo tanàna hanatanterahana ny Lalaon'ny Nosy 2023, ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra iraisam-pirenena momban'ny lalaon' ny Nosy eto amin'ny ranomasimbe Indianina, na ny CIJ, notarihan'ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Malagasy, ka nahita ny zava-misy marina amin'ny fanomanana ny handraisana an'ity hetsika goavana hoan'ny tanora ity.

**Rainilita**

### Mpitantana ny "Basket FIBA Afrique"

# Tafahoana nivantana tao Maputo Mozambique

Tafahaona nivantana tao Maputo Mozambique tamin'ny alarobia 14 desambra 2022 lasa teo, ny filankevi-pitantanan'ny FIBA Africa, izay sambany tafahoana nivantana, taorian'izay nisian' ny valan'aretina Covid izay. Nodinihan'ity filankevi-pitantanan'ny Fiba Afrika ity ihany koa nandritra an'io fivoriana io, ireo hetsika taloha ary nankatoavina ireo tetikasa vaovao maromaro mahakasika ny basikety ao amin'ny kaontinanta. Marihana fa nifanindrandalana tamin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika, andiany 2022, hatao any an-drenivohitr'i




*Ireo mpikambana ao amin'ny Fiba Afrika tany Mozambika, anisan'izany ny filohan'ny FMBB.*

Mozambikana hatramin' ny sabotsy 17 desambra izao ny fihaonana. Ny filohan'ny FIBA Afrika Anibal Manave teo anatrehan'ny filohan'ny FIBA Hamane Niang; Alphonse Bile, Tale Mpanatanteraka ao Afrika, Mpikambana ao amin' ny Komity Mpanatanteraka FIBA Afrika, Filohan'ny FIBA Afrika Sub-Zone ary Filohan'ny Filankevitra. Tapaka tamin' izany ny daty sy toerana hanatanterahana ny Fivoriamben'ny Fiba Afrika sy ny fifidianana 2023, ho amin'ny taom-piasana 2023-2027, izay ho amin'ny 9 ka hatramin'ny 10 jona 2023 ao Mozambika. Noresahina tao amin'ny fivoriana ihany koa ny resaka : -Ligy basikety ho an'ny vehivavy afrikanina, -Ny fiverenan'ny FIBA Africa Champions Cup Women, sambany nanomboka tamin' ny taona 2019. -Ny resaka basikety 3x3 sy basikety zandriny -Fifidianana ny birao foibe sy ny komity vaovao.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Saosisy sy poivron indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana amin'ny manaintaina amin'ny tratra na angine de poitrine



Fanafana amin'ny manaintaina amin'ny tratra na angine de poitrine indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tsy aretina fa anisan'ny fambaran'aretina fahatsentsenan'ny lalandrà ao amin'ny fo izany. Marary ny tratra , manindrona indrindra amin'ny faritra havia mifanitsy amin'ny fo no misy ilay marary , fanina , reraka , ohatran'ny fenofeno be ny tratra , mavesatra ; maloiloy , mando, sempotra ary tsemboka .

Ny tosi-drà ambony, ny tahan'ny cholesterol ambony , ny diabeta, ny tavy ( obesite ), ny stress, ny fifohana zava-mahadomelina , ny tsy fahampiana fampiasana vatana dia anisan'ny mahatonga io angine de poitrine io, ka mitarika ny crise cardiaque, na aretin'ny fo.

Ireto ny zavatra azo atao raha misy ireo tranga ireo:

- mihinana tongolo gasy isan'andro: hasiny 2 na 3 amin'ny alina alohan'ny hatory no tsara hihinanana azy.
- Misotro jus de grenadel sy betterave.
- Mihinana amande, afaka mixe-na miaraka amin'ny jus izay atao na koa mividy ronono. Amande efa vita eny amin'ny Supermarche ireny.
- Misotro dite sakamalao sy tamotamo, atao mifandimby isan'andro.
- Mihinana sakafo mafana, fa tsy mangatsiaka na rano aza, mafana no sotroina.
- Misotro rano bicarbonate de soude : rano 1 vera, hasiana bicarbonate de soude 1 sotro kely.
- Mampiasa vatana.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Vodiriana any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Vodiriana any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Vodiriana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Any atsimo atsinanan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Tsy dia mbola avo toerana izy satria 569 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina.



FAHASALAMANA

# Rà tokony homena maimaimpoana varotana Hopitaly

Nitondra ny fitarainany tamin'ny gazety ny olona nitondra marary tamina Hopitaly ka nila rà. Namidin'ireny Hopitaly ireny hoy izy ny rà tokony homena maimaimpoana: "Misy zavatra tena mampalahelo miseho amin' ireny hôpital ireny, ary tsy vao androany fa efa ela. Ka tsy fantatro na mba efa sendra izany ianareo na tsia. Mpanome rà matetika aho dia ohatrany maleho ihany mahita ny zava-misy. Ny nanomezako rà maimaimpoana dia mba hoan'ny mpiray tanindrazana, fa tsy hamidy amin'ny mpira- tanindrazana sanatria. Toy izao anefa ny zava-misy tranga sy ny zava-misy: mpanome rà antsitrapo, maimaimpoana, ary efa manana carte donneur de sang?. Fa efa in-3 aho izay no nitondra fianakaviana akaiky (rahalahy mpiraitampo) narary mafy



*Olona mpanome rà maimaimpoana.*

mila fandidiana, tamin'ny Hopitaly 3 samihafa no nisy ilay tranga. Raha tsy manana olona hanolo rà ianao dia mividy 70.000 Ar na 50.000 Ar ny poche, tsy hahasahy hitaky facture moa ny tena sao dia ho tsizarizary ny fitsaboana azo fa dia nilefitra. Mba nisy fotoana nitondra ilay carte donneur de sang, mba hahazoana na poche iray fotsiny aza, fa vava indray no azo tamin'ny mpiasan'ny fahasalamana hoe: "aza manome rà raha miandry tambiny..." Ny tokony ho izy anefa; voalohany: raha manana carte donneur de sang. Faharoa: vokatr'ireo mpanome rà maimaimpoana an'arivony maro ireny dia tokony tsy hamidy ny rà ao amin'ny Hopitaly, na farafaharatsiny mba homena ireny olona mahantra tsy manana namana na havana hanolo rà ireny, satria rà nomena maimaimpoana ireny. Tsy mbola nahita ary tsy mbola naheno olona nahazo na nisitraka rà maimaimpoana ny tenako hatramin'izay. Ny efa hitako dia na efa ho faty aza ny marary dia tsy mandeha ny opération raha tsy efa hitan'izy ireo maso ny olona 12 hakana rà 6 poches ohatra. Ny rà azo maimaimpoana dia tsy tokony hamidy.

***Nangonin'i Niaina***

Antsirabe

# Potika ka mila vonjy ny orinasa Fifamanor

Potika ka mila vonjy amin'izao fotoana ny orinasa Fifamanor any Antsirabe faritra Vakinankaratra. Araka ny fitarainana voarain'ny gazety avy amin'ny mponina any an-toerana, sy avy amin'ny mpiasa: "vonjeo ny Fifamanor, raha nandalo teny amin'ny orin'asa Andranomanelatra Antsirabe II, toy izao ny zavatra hita: mampalahelo ary tena mampitomany ny zavatra misy raha ampitahaina amin'ny zavatra hita teny 5 taona lasa izay. Isan'ny omby: latsaky ny 30 isa sisa sady taolana mitafy nofo sisa, zara raha tafatsangana ireo biby fiompy. Ny tanimboly : lavavolo tsy misy voaasa na dia iray dia aza. Ny tokontanin'ny birao : lava ny bozaka, tsy misy mikarakara. Raha tafaresaka tamin'ny mpiasa, izay efa am-polony sisa no miasa dia nitanisa ireo olana atrehany izy ireo:

Tsy misy vola entina hihodinana intsony ny Fifamanor: tsy misy sakafo ny omby, ka maty am-pitsanganana, ireo omby marary tsy voatsabo, fa tsy misy vola ividianana fanafody. Tsy mihinana provende intsony ny omby, noho ny tsy fisian'ny vola enti-manana ho amin'izany. Raha an'arivony litatra isan'andro ny ronono vokarina taloha (+2.000 litatra/ andro), zara raha misy 5 litatra isan'andro sisa amin'izao fotoana izao.

Tsy misy vola hividianana gas-oil, tsy afaka miasa tany ny tracteur, tsy afaka mamboly na sakafon'omby na ireo masom-boly izay nampalaza sy nahafantarana ny Fifamanor hatramin'izay. Tsy afaka nividy zezika hambolena masomboly, noho ny tsy fisian'ny vola. Ankoatr'ireo dia marobe ireo trosa tsy voaloa: vidin'ny gasoil, Cnaps mpiasa, jiro Jirama, sns...

Ny mpitondra ao amin'izao fotoana dia tsy misy ezaka hampandroso ny orinasa, fa dia miandry vola avy amin'ny projet hafa fotsiny, vola izay tsy miditra ao amin'ny kitapom-bolan'ny Fifamanor, tsy azo handoavana karaman'ny mpiasa, tsy azo atao sakafon'omby, tsy azo ividianana zezika hambolena ny voly sy masomboly hamidy amin'ny tantsaha, izany hoe tsy ampandroso an'ny Fifamanor velively, satria efa voafaritra mialoha any amin'ny convention ny azo ampiasana ny vola. Olom-bitsy ihany no migoka sy mahazo tombontsoan'ny vola azo amin'izany projet izany.

Ny tena mampalehelo dia tamin'ny volana aprily 2022 ny mpiasa, no nandray karama farany araka ny nambaran'izy ireo.

Raha ny fitenin'ireo mpiasa ihany dia 'karama 6 volana isan-taona, no azo amin'ny fanjakana. Fa ny 6 volana sisa dia tsy misy tokontaniny, satria tsy misy famokarana masomboly sy ronono intsony, hany ka tsy misy vola miditra ny Fifamanor.

Raha ny resak'ireo mpiasa ihany dia: "tokony hahavelontena ity orinasa ity, raha ny traikefa sy ireo fitaovana eo ampelatanana, fa mila mpitantana matotra sy vonona hiaraka hiasa aminy ireo mpiasa ireo,

mpitantana manana vina maty paika amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra, sy hampandroso an'ny Fifamanor.

Mpitantana izay mijery ifotony ny zava-misy, fa tsy mpitantana monina any Antananarivo, ka isaky ny misy vahiny hitsidika vao tonga ao amin'ny orinasa. Misy ny komity mpitantana, saingy izy ireo dia tsy mijery ifotony, fa mihinana am-bolony fotsiny izay rehetra lazain'ny mpitantana.

Sanatria ve efa ao anaty lisitry ny orin'asa ho vonoina koa ity Fifamanor ity? orin'asa izay iankinan'ny hoavinay tantsaha? Andriamatoa sy ramatoa tompon'andraikitra isany: vonjeo ny orin'asa Fifamanor, fa reharehanay tantsaha manerana ny Nosy indrindra izahay aty Vakinakaratra. Io Fifamanor io ihany no hany mamoaka masomboly ovy, katsaka, vilon'omby, ladim-bomanga mavo aty (chair jaune) ... manara-penitra azonay tantsaha antoka.

Ny masomboly avy ao amin'ny Fifamanor dia efa vita andrana, hany ka azo antoka fa mety ambolena eto amintsika. Io Fifamanor io no nampianatra anay tantsaha ny fambolena ovy, varimbazaha, vilon'omby, indrindra ny vomanga mavo aty (chair jaune), izay efa haparitaka any amin'ny faritra atsimon'ny Nosy iadiana amin'ny kere. Io Fifamanor io no nampianatra tany amin'ny faritra maro, indrindra teto Vakinankaratra ny fiompiana, fitaizana ny omby vavy be ronono. io Fifamanor io, no antoka hahavelona anay tantsaha izay maro an'isa eto Madagasikara. Vonjeo ny Fifamanor."

***Stefa***

Fiahiana ny fahasalamana

# Mijoro ny « The blessing santé »

Ny fahasalamana no voalohankarena, hoy ny Malagasy. Ankehitriny, maro amin-dRamalagasy no sahirana noho ny tsy fahampian'ny enti-manana ho amin'ny fikoloana sy fitsirihana ny toe-pahasalamany. Ny fahatsapana ireo mitambatra, no antom-pisian'ny toeram-pitsaboana "The blessing santé, etsy amin'ny trano fitaratra, sampanan'Ambohidrazaka Alasora, By-pass.

Mampiavaka azy ity ary tombony ho azy, ny fampiarahana ny fomba fitsaboana miisa 03: ahitana ny ara-tsiansa izay sahanin'ireo mpitsabo nandalina manokana izany ary manana ny mari-pahaizana ara-panjakana, sy ny fitsaboana nentim-paharazana mampiasa ireo akora azo avy amin'ny zavamaniry sy ny biby ary farany, ny fampiharana ny hotra "massage" amin'ireo tojo tsy fahasalamana. Ireto fomba fitsaboana roa farany ireto, izay samy iantsorohan'ireo mpitsabo vita fiofanana feno.

Mitsabo ny aretina rehetra ny "The blessing santé" etsy amin'ny trano fitaratra sampanan'Ambohidrazaka Alasora By-pass ary mampiasa ny fanafody eny amin'ireo farmasia sy mampiaraka izany amin'ireo raokandro malagasy ary ny fanafody avy any Inde. Ity farany izay manana fiaraha-miasa akaiky amin'ny "The blessing santé". Nomarihan'ireo tompon'andraikitra nitafa taminay, fa manana ny fahaizana manokana amin'ny fitsaboana ny aretina homamiadana "Cancer" ny "The blessing santé", toraka izany ihany koa ny aretina manodidina ny taovam-pisefoana ary ny tosidrà. Anatin'ny fotoana fohy dia ahitana fizorana mankany amin'ny fahatsarana sy fahasitranana ireo marary, hoy izy ireo. Tokony homena hasiny sy ny lanjany ary mendrika tohana amin'ny lafiny rehetra, araka izany, ny sehatrasa manampy ny Vahoaka tahaka ny "The blessing santé". Mila hajaina sy tandrovana ihany koa ny tontolo iainana, izay azo ambara fa toy ny sompitra hakana ireo fanafana voajanahary "Fanafody Bio", hoenti-mikolo sy mitsabo ny fahasalamantsika mianakavy.

***Lalasoa Razafindrakoto***

Mondial 2022 any Qatar

# Famaranana lehibe eo amin'i Argentine sy Frantsa

Hifarana rahampitso alahady ny Mondial 2022 eo amin'ny baolina kitra, na ny FIFA World Cup Qatar 2022, izay atao any Qatar. Lalao famaranana lehibe eo amin'i Argentine sy i Frantsa no harahan'ny mpitia baolina kitra maneran-tany rahampitso hariva io, lalao handeha mivantana amin'ny televiziona marobe maneran-tany, anisan'izany ny antsika eto Madagasikara, hahita izay lalao famaranana izay mivantana. Hitantara izany mivantana koa ny onjampeo samihafa misy eto amintsika, anisan'izany ny Radiom-pirenena Malagasy (RNM), sy ny radio tsy miankina : MBS Radio ihany koa,… Na i Messi sy ny tariny, na i Mbapé sy ny ekipany arak'izany no handrombaka ny amboaran'ny tompon-daka eran-tany eo amin'ny baolina kitra ho an'ny ekipam-pirenena rahampitso, ekipa samy manana ny hanitra ho azy ireo, ka ho hitantsika eo ihany izay handresy. Noho ity lalao goavana ity, anisan'ny hanatrika izany famaranana izany indray rahampitso ny filoha Frantsay Emmanuel Macron. Ho fetibe arak'izany rahampitso, na any Buenos Aires sy ireo tanàna maro any Argentine, raha mandresy ny Argentin, na any Paris sy ireo tanàna rehetra any Frantsa, raha mivoaka mpandresy ny Frantsay. Any hariva kosa no hatao ny lalao fiadiantoerana laharana faha-3, eo amin'i Maraoka sy Croatie. Nahavita dingana lehibe tokoa ny Maraokana tamin'izao Mondial 2022 izao, satria izy ireo no ekipam-pirenena Afrikana tafakatra voalohany teo amin'ny dingan'ny manasa-dalana hatramin' izay. Hikatona rahampitso indray arak'izany ny fetiben'ny baolina kitra maneran-tany, afaka 4 taona indray ny manaraka, amin'ny taona 2026, hatao amina firenena 3, sambany ihany koa, handray izany Mondial 2026 izany miaraka i Etazonia, i Canada ary i Mexique. Mondial antsoina hoe: United 2026. Sambany koa amin'izay fotoana ho 48 ny ekipa handray anjara amin'ny dingan'ny famaranana fa tsy 32 toy ny amin'izao fotoana. Ny volana jona ka hatramin'ny volana jolay 2026 no hanaovana izany Mondial manaraka izany.

***Lita***



*I Argentine sy i Frantsa.*

Federasiônan'ny Karate-do Malagasy

# Mampivondrona an'ireo mpikatroka ao aminy

Mampivondrona amin'ny anararan'ny tenany ny mpikatroka karaté eo ambany fiahiany, ka nantsoina hanomanan-tena hiatrika ny Lalaon'ny Nosy 2023, ny FMK « Federation Malagasy de Karaté », tarihan'ny filohany Ratefinananahary Emile. Fampivondronana voalohany amin'ity fanomanana ny Lalaon'ny Nosy 2023 ity hatao etsy amin'ny Ans Ampefiloha, ity nanomboka tamin'ny alakamisy 15 desambra teo ity, ka hifaranana rahampitso alahady 18 desambra 2022, izay eo ambany fitarihan'ny Shihan Hafizou teratany Réunionnais « 7e dan », filohan'ny « Commission technique de la FMK » am-perinasa. Amin'ny volana janoary 2023 kosa ny fampivondronana faharoa. Nisy ny fanazavana ny amin'ny fifanolanana misy eo amin'ny mpitantana ny FMK teo aloha, ny Sensei Andrianavomanana Solofo Barijaona, sy ny FMK ankehitriny nentin'ny filohany Ratefinanahary Emile, izay miandry ny hamoahan'ny MJS ara-taratasy ny "arrêté ministerielle" sy ny "attestation de fonction" ary ny "certificate de conformité", izay maha-ara-dalàna an'ity FMK vaovao ity.

***Rainilita***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**17/12/2022 hatramin'ny 24/12/2022**

- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 038 37 007 07/032 11 220 11
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1380-12-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ANTANANARIVO SY NY MANODIDINA**

# Tandindonin-doza ny famatsiana rano sy rianaratra avy any Tsiazompaniry

*Misy ny fanambarana avy amina fikambanana miaro ny tontolo iainana maromaro, mahakasika ny olan'ny tany any Tsiazompaniry:*

"Tandindomin-doza ny fiarovana ny tontolo iainana eto amin'ny Firenena noho ny fibodoan'olon-tsotra ny faritr'ala, miantoka ny rano sotroina sy mamatsy ny rianaratra ho an'Antananarivo sy ny manodidina, izay ao Andriankely Tsiazompaniry kaominina Ambohimiadana distrikan'Andramasina faritra Analamanga. Izany dia tafiditra ao anatin'ny faritr'Ala tantanin'ny VOI Tsarafara nandritra ny 20 taona latsaka, nanomboka ny taona 2004 dia indro ankehitriny fa lasan'olona tsotra.

Niha-mafy hatrany ny disadisa teo amin'ity olon-tsotra ity sy ny fikambanana Tsarafara teo amin'io tany ao Andriankely io, izay lazainy fa Tsarahonenana, ka niakatra Fitsarana matetika ny raharaha. Teo anatrehan'izany dia nahazo rariny hatrany ny Fikambanana teo anatrehan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany tany Ambatolampy, satria nidina ifotony ny fitsarana niaraka tamin'ireo Sampan-draharaham-panjakana sy Manampahefana voakasika nanamarina ny fizaran'ny tany ary hita fa tsy mifanindry mihitsy ny tanin'ity olona tokana ity, izay atao hoe Tsarahonenana sy ny tany Andriankely ao anatin'ny tany tantanan'ny VOI Tsarafara, fa mifanakaiky. Tsy nanaiky izany ilay olona te-hibodo ny tany, izay efa voajarin'ny Fikambanana an-taonany maro, niaraka tamin'ireo tantsoroka ara-bola sy ara-teknika, ka nampiakatra ny raharaha teo anivon'ny Fitsarana



*Ny avy amin'ny VOI Tsarafara, sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy.Ny avy amin'ny VOI Tsarafara, sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy.*

aty Antananarivo indray. Nanjary resy indray ny Fikambanana ary voalaza fa mandoa onitra 10.000.000 Ar (Folo tapitrisa Ariary), sy miala amin'ny tany sy ny faritra efa nohajariany araka ny didim-pitsarana.

Manoloana io zava- misy io dia manaitra ny Fitondram-panjakana tandrify (tontolo iainana, Fitsarana), tarihan'ny hetsika ROHY sy ny mpiaradia aminy rehetra, isan'izany ny Tafo Mihaavo, Alliance Voahary Gasy, sns… izay mitarika ny lohahevitra tontolo iainana sy ireo mpanao tantsoroka nitondra ny fanampiana ara-bola sy ara-teknika, ho entina miaro ireo toerana sarobidy sy saropady ireo, satria miantoka ny fiainan'ny Fokonolona eny ifotony sy Faritra hafa manodidina ary Antananarivo renivohitra izany.

Hamafisina hatrany fa misy ny lalàna izay manome lanja ny Vondron'Olona Ifotony (VOI), amin'ny alalan'ny lalàna 96-025 ny famindram-pitantanana amin'ny fandraisana anjara ny fitantanana lovainjafy ny Harena Voajanahary, ka angatahanay ny hanohanan'ireo tompon'andraikitra rehetra ireo ny VOI miaro sy mitantana ny Harena Voajanahary ary hijerena akaiky sy hanampy azy amin'ny famahana ireo tsindry izay mianjady amin'izy ireo.

Marihana hatrany fa maro ny asa fanajariana efa nataon'ny VOI Tsarafara, toy ny fambolen-kazo isan-karazany (hazo zanatany, kinina, sns...) tamin'ny velaran-tany amanjatony ha, tafiditra ao anatin'izany ny ao Andriankely. Noho izany indrindra no nahatonga ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy Fandrosoana Lovainjafy nanome fitokisana indray ny VOI Tsarafara, taorian'ny tomban'ezaka sy fanjohiana nataony, ka nanavao indray ny famindram-pitantanana ny faritra'ala amin'ny VOI ho an'ny folo(10) taona manaraka, ny Desambra 2021 hatramin'ny Desambra 2031.

Ka eto izahay dia manaitra ny avy ao amin'ny Fitsarana sy ireo tompon'andraikitra voakasika rehetra, satria tena tsy ekena ny fanaovana tsindry ireo Fokonolona sy ireo VOI manao ny aina tsy ho zavatra, ho fiarovana ny Tontolo iainana, izay tombontsoa iombonana araka ny fanomezam-pahefana avy amin'ny Ministeran'ny Tontolo ianana sy fandrosoana lovain-jafy.


Aoka tsy ho ataontsika antsirambina, ka omena hanjakan'olon-tokana ny fahefana hitantana faritr'ala manan-danja ary antoka ho an'ny faharetan'ny rano ao Tsiazompaniry ho tombontsoan'ny besinimaro."

***Stefa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 415**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0414)

***Mitsivalana***
- Fihirana
- Ezaka
- Takona
- Disoinao
- Ady – TD
- (L)iok(a) – RR
- Fanaony

***Mitsangana***
- Fiandry
- Fody (miv)
- Hetsika
- Izao
- Rakitra
- Akondro
- Nana
- Aomby

## TENY MIFANAPAKA N° 415




**Mitsivalana**

**1.** Fitadiavana **2.** Manambatra – Omeo valiny **3.** Teny fiderana – Naoty (miv) **4.** Karazana tantara (miv) – Tampiska **5.** Betsaka – Fanirina **6.** Voankazo (miv) – Kianteny (miv) **7.** Mpanoritra – Lakroa **8.** Eny amin'ny Habakabaka (miv) – marina (miv) **9.** Tsy manaiky – Isa Romana **10.** Taova – Ratsy fofona (miv)

**Mitsangana**

**A.** Mialoha ny lalao fanatanjahantena **B.** Karazana trondro madinika (BL) – Vovoka (miv) **D.** Aro tongotra – Lavitra tsy hita maso **E.** Karazan-damba (miv) – Fanadinana **F.** Làlam-pirenena – Mpisolo tena **G.** Zava-maniry **H.** Hekitara – Fanaon'ny mpivavaka (miv) **I.** Esorina – Varahina sy volafotsy **J.** Nifanome lesona **K.** Mpanondro – Resinao (miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0414

**Mitsivalana**

**1.**Solonify **2.** Orana - Vono (miv) **3.** Lalina - Dia **4.** Rana (miv) **5.** Siny - Enina **6.** Andramana **7.** Miray (miv) - DR **8.** Faritana (miv) **9.** Ar - Na (miv) - Vary **10.** Manina - Ia

**Mitsangana**

**A** Solosaina **B.** Ora - Ina - RM **D.** Lalandrà **E.** Ony - Naniry (miv) **F.** Nana - Amany **G.** Mena (miv) **H.** Fo - Ana - Iva **I.** Indrindra **J.** O.I - Narary **K.** Avana - Fia

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko TIM tany Tsiroanomandidy faritra Bongolava, sy ny kongresim-paritry ny TIM Bongolava, natao tao Bel'Air Mangarivotra. Niatrika izany ny filoha Marc Ravalomanana.**













